TETIKASA FAMPIANARANA TENY FRANTSAY

1. Famaritana ny tetikasa

Eo am-panorenana tobim-piantsonana posiposy tarihim-bisikilety eto Antsirabe ny PNUD, tanàna tsy nahitana afa-tsy posiposy entin-tànana hatramin'izay. Any aoriana any, ny mpitondra ny posiposy dia samy ho tonga tompon'ny fitaovam-pitaterany, izay tena eo amin'ny ivon'ny fampandrosoana maharitra, fa izany moa izao no lohahevitra be mpivoy. Raha lazaina amin'ny fomba hafa dia hoe : fomba fitaterana tsy mandoto ny rivotra iainana mihitsy.
Ny idirako an-tsehatra dia ny fampianarana teny frantsay an'ireo mpitondra posiposy ireo mba hanatsara ny fahaizamanaony amin'ny fitarihana mpizahatany. Maimai-poana no ananganako an'io tetikasa io miaraka amin'ny Fikambanana SPV,(Service de préparation à la vie) izay naorin'i Luc Désiré ANDRIAMBAHOAKA sy ny vadiny RAKOTOASIMBOLA Hajanomeny Olivia. Mbola maro koa ny tetikasa ao amin'io fikambanana io, saingy vao manomboka moa. Ankehitriny aloha, dia ny fampianarana teny frantsay no ifotorako, fa mikasa aho ny hampivelatra tetikasa fanabeazana ankizy sahirana mipetraka amin'ny faritra mahantra, tsy afa-mianatra noho ny tsy fananana kopia nahaterahana na noho ny tsy fahampiana.

2. Firafitry ny tetikasa

Soritrasa	Taranja
Trano famakiam-boky	Boky ho an'ankizy Fisokafan-tsaina amin'ny tontolo Jeografia kely
Kolontsaina	Ohabolana malagasy Ohabolana frantsay
Fidirana antsehatra ho mpitari-dàlana	Parc de l'ouest Farihin'Andraikiba …
Famaranana manetriketrika	Fizarana maripahaizana.

3. Andinindininy momba ny soritrasa sy ny fampihodinana azy

3.1. Soritrasa famakiam-boky

Ny nahazoana ity hevitra ity dia ny fitsidihako tao amin'ny foibe kolontsaina St Paul : eo akaikin'ny Katedraly izy, ary tsy dia lafo ny sarany raha araka ny fanombanako amin'ny maso-na frantsay vao tonga. Rahefa nifampidinika tamin'ny mpianatro aho dia hita fa tsy diso ny fijeriko, ka rehefa nolazaiko tamin'izireo ny fikasako hitondra azy ao amin'ny trano famakiam-boky, dia nilaza izireo fa te hirotsaka ho mpikambana aza ! Tetsy andaniny koa dia faly tokoa nandray anay i Ramatoa Maria, mpiasa ao, sy Marie mpitandrim-panana ao amin'ny trano famakiamboky, alarobia 13 novambra io. Ny olana kely fotsiny dia ny vola enti-manana ny sary tapaka hatao amin'ny karatra. Teo moa aho dia nanolo-tena hiandraikitra ny fakana sary ny tsirairay sy hanonta an'izany araka ny refy manaraka ny fenitra, tolokevitra nety sy neken'ny telo tonta izay : dia izaho ilay mpampianatra tsy nampoizina, ry zareo ao amin'ny trano famakiam-boky, ary ny mpitondra posy izay mpianatra

3.1.1. Taranja « Boky ho an'ankizy »

Ny taranja « boky ho an'ankizy » dia ny fiaraha-mitrandraka ny voambolana ao amina boky ho an'ankizy vitsivitsy izay misy, mba ho azon'izireo indramina sy vakiana any antrano miaraka amin'ny ankohonany.

3.1.2. Ny taranja fisokafana amin'ny tontolo

Ny taranja « fisokafana amin'ny tontolo » dia hotanterahina amin'ny alalan'ny gazetiboky GEO misy ao amin'ny Foibe koltoraly. Feno sary moa ny tatitra fitetezantany amin'io gazety boky io ka sady mora azo no mahafinaritra, satria tsy mila teny fanazavana firy. Dia izay fahafinaretan'ny maso iazy no hitarika fitrandrahana voambolana be dia be avy eo !

3.1.3. Ny Taranja Jeografia :

Sakelika mifampitohy amin'ny taranja tetsy aloha ny taraja « Jeografia », ka hofantenako manokana ireo lahatsoratra mifandraika amin'ny tany efa notsidihiko na nipetrahako : France, Japon, Inde, Irlande, Allemagne, Belgique, Terres Australes, Antarctites Françaises sy La Réunon, ary tsy ho latsa-danja mihitsy i Madagasikara. Ny sisa tsy maintsy mbola hotadiavina dia ny fomba fampianatra, (araka izay fitaovana eo am-pelantànana, izany hoe tsinontsinona aloha izao), mba hahazoan'izy ireo an-tsaina ny fivelaran'izao tontolo izao sy ny fifandraisan'ny samy firenena . Tys maintsy hidirana kely daholo moa izany rehetra izany.

3.2. Soritrasa « Ohabolana »

Ny antom-pisian'ity soritrasa ity dia ny hanandratana n kolontsaina malagasy, sy hahatsapany fa mahakasika azy indrindra ary momba azy ny fampianarana. Làlam-pifandraisana efatra no amin'ity :

1. Fifanakalozana, avy amin'ny mpianatra mankany amiko : Ohabolana malagasy
2. Fifanakalozana, avy amiko mankamin'ny mpianatra : Ohabolana frantsay.
3. Fianarana hevinteny
4. fianarana dikanteny : voambolana

Ohabolana iray isaky ny fihaonana no hianarana, sady hotsiahivina koa lay natao ny omaly, manampy azy hitadidy izay famerimberenana izay.

3.3. Soritrasa fanofanana mivantana ho Mpitaridàlana

Mpitarika posiposy tarihim-bisikilety iray no nitondra nitsidika toeram-panaovana asatànana amin'ny tandroka, tsy lavitry ny fiantsonan'ny posiposy am-bisikilety. Tsikaritro fa toa be mpizahatany tao. Mikasa ny hifampiraharaha amin'izireny aho mba hanaovan'ny mpianatro fampiharana. Hangatahiko iny mpizahatany mba handray anjara ara-bola. Dia mba mahazo mahazo fidirambola ny mpitarika posy, sady afaka manao tahiry. Io tahirimbola io dia mety hiantohana ny firotsahana mpikambana ao amin'ny trano famakiamboky, na koa ny sakafo ara-pomba frantsay amin'ny fitsangatsanganana kasain-katao any Ambohitsimanova ny alahady 22 Novambra.
Momba an'io fampiofanana mivantana io, dia misy tambadàlana arapizahantany maromaro no azo ifidianana, narafitr'i Jerry, mpitantana ny toby sy Tahina, mpandrindra ny tetikasan'ny firenena mikambana momba ny fanorenana ny toby cyclo-pousse. Iray amin'ireny tambadàlana ireny ny farihin'Andraikiba sy ny parc de l'ouest miaraka amin'ny mpanao asatànana.
Mazava ho azy fa ny taranja tsirairay dia vary sy rano amina fianarana voambolana. Am-pahampotoana % farafahakeliny no kasaiko hatokana amin'ny fanazavana ny heviteny sy

indrindra ny fahaiza-manonona. Ary, avy amin'izay iray volana nanofanana izay, dia sosokevitro ny handrafetana « Guide du Français pour guide » ao anatin'ny tetikasa tobim-posiposy tarihim-bisikilety.

3.4. Famaranana manetriketrika

Lanonana tapakandro anasana ny ankohonana sy ny manampahefana hizarana maripahaizana ara-pomba ofisialy.

4. Vinavinan-tsoritrasa

4.1. Tombayombana ora fianarana

Teo am-panombohana aloha, vao nihaona stamin'ny tobim-posiposy dia raikitra ny fampianarana santantra, na dia tsy niofana ho mpampianantra aza aho, sady tsy nampiomanina hoe tonga dia hampianatra. Tsy ankiandriandy fa tonga dia mikatroka, izay no tena tiako. Ka ny alatsinainy 2 Novambra aho dia nampianatra adiny roa niaraka tamina mpandika teny avy amin'ny fikambanana SPV.
Iny herinandro iny dia nahatratra adiny fito ny fampianarana maraina : 2 ora avy ny alatsinainy sy alarobia, 1.30 avy ny talata sy zoma.araka ny lamina dia tokony ho mpitarika posy folo notsongaina no hiaraka amiko taorian'izay herinandro andrana izay, saingy nampihetsika ny foko loatra ny fahazotoan'izy rehetra ka dia nanipy hevitra aho ny hizarana ho andiany roa azy 18 lahy, ka hosokajiana araka ny faripahaizany avy. (jereo ny lisitra tovana)
Fianarana 1.30 ora intelo isan-kerinandro no saika hataoko taminy, fa nidongy ny hianatra isan'andro ry zareo dia resy lahatra aho ! ka, raha tsy misy sampona dia raikitra ny fotoana isanandro amin'ny 8 ka hatramin'ny 11 ho ahy, fa ho azy kosa dia na amin'ny 8 ka hatramin'ny 8.30, na amin'ny 8 .30 a hatramin'ny 11, ka ampifandimbiasina ny tarika mba hifandanja ny tombontsoa. Izany no aminavinana ny ora inarana hatramin'ny alatsinainy 9 Nov. Ka hatramin'ny zoma 4 desambra ho 30 ora isan-tarika. Raha tsy afaka maraina moa aho, dia hiangaviako ny hanoloana azy ny tolakandro.

4.2. Fitsinjarana ora :

- Boky ho an'ankizy : 1.30 inefatra
- Fisokafana amin'ny tontolo :1.30 inefatra
- Jeografia kely : 1.30 inefatra
- Ohabolana malagasy : 1.30 inefatra ka 1 ora fifanakalozana, ary 5 ora fianara-manonona sy heviteny.
- Ohabolana Frantsay : idem
- Fizarana maripahaizana : tapakandro
-

Koa satria tsy maintsy ho samihafa ny hafainganam-pandehan'ny tarika roa, dia inoana fa ho samihafa ny fahaizana any am-piafarany, kanefa izany tsy hanamaivanana na hanafoanana soritrasa. Ny soritrasa « fanofanana mivantana ho mpitaridàlana » dia hatao amin'ny fotoana tsy fianarana. Mikasa aho, ary hotanterahiko mihitsy, ny hanolotra bolabolantsarintany iray sy rakibolana Larousse frantsay tsotsotra, ho an'ity andiany 2009 ity.

5. Famintinana

Mangataka izay hevitrareo aho momba an'ity tetikasa ity, sy / na fanampiana koa. Misaotra mialoha.

Ireto mba ilana fanampiana :

- Fandikana ity ampahan-tetikasa ity amina tenimpirenena hafa
- Olona iray hiandraikitra ny fifandraisana amiko sy amin'ireo liana aminy (fametrahana blog)
- Fanomezana mba hanatevenana ny entimanana(azo atao mivantana amiko sy ianao amin'ny alalan'ny western union, ary hifampiresahana mazava aloha amin'ireo liana ka hiseho amin'ity adiresy ity severine.chapuis@ulp.u-strasbg.fr)
- Bolabolan-tsarintany iray, sy/na rakibolana frantsay tsotsotra hita ao amin'ny Larousse sy/na izay rehetra azoano atolotra amin'ity adiresy ity :

ANDRIAMBAHOAKA Luc Désiré
Pour projet sev
Lot 512 F 265
Tsarasaotra Antsirabe 110
Madagascar

Fanamarihana 1: Fantaro fa tokony ho hita eto an-toerana daholo ny ilaina, ny tsy ampy dia ny vola hividianana azy. Ambara izany satria, ohatra tehanampy tetikasa ho ana fanabeazana ankizy sahirana ianao, raha penina lafo vidy no omenao, na zavatra hafa, dia tsy ho mora ny hitsinjara azy ara-drariny satria tsy hitovy ny zavatra azon'ny zaza ! mba hampilamina amin'ny fomba fiasa ary dia aleo izaho ihany no mividy penina na pensily mitovy ho an'ny rehetra. Ka vola izany no ilaina, na tsy betsaka aza ! 100 euros anie dia hahavitana zavatra be e, ka ariary folo mitambatambatra no ahazoana an'izany.

Fanamarihana 2 : blog : sevprojet.canalblog.com